
Praiminisitra Christian Ntsay
Dinika Nosy Malagasy
FAMARANANA
CCI IVATO, 11.12.2019
Vidéo : Jeannot Ramambazafy
Projet
Clip
HD
00:00: 14: 18







*******************************************

**DINIKA NOSY MALAGASY**

**Kabarin'Andriamatoa Christian Ntsay**

**Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta**

**CCI Ivato, 11 Desambra 2019**



Andriamatoa Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara,

Andriamatoa Filohan'ny Repoblika teo aloha, Amiraly Didier Ratsiraka,

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Tontosa soa aman-tsara ny fikaonandoham-pirenena mikasika ireo nosy malagasy, araka ny toromarika avy aminao Andriamatoa Filoha. Naniry tokoa mantsy ianao Andriamatoa Filoha ny mba hihaino ny feon'ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo satria zava-dehibe loatra izay rehetra

mahakasika ny fiandrianam-pirenenan'i Madagasikara malalantsika. Dinika nosy malagasy « ampitao ny hevitrao », izay no antso nataontsika tamin'ny vahoaka Malagasy manerana ny nosy, ary maro tokoa ireto mpiray tanindrazana nanohina ny antso. Nizotra am-pilaminana sy am-pirahalahiana ny fifanakalozana rehetra, eny samy manana ny fijeriny ny mpandray anjara, kanefa ny hevitry ny maro mahataka-davitra ary ny zava-dehibe dia ny namelàna ny tsirairay haneho izany an-kahalalahana.



Nohenoina ny hevitry ny rehetra ka naravina ho lasa antontan-kevitra azo trandrahina sy azo ampiharina. Araka ny nambarako tamin'ny lanonam-panokafana dia sambany teo amin'ny tantaram-pirenena no nisy fiantsoana olom-pirenena sy famondronana ny lafin-kery rehetra mba hiara-hidinika ny momba ireo Nosy ireo. Tiako ny mbola manamafy amintsika hatrany fa izao no tanteraka dia noho ny finiavana avy aminao Andriamatoa Filoha, dia ny hampiray ny vahoaka Malagasy manoloana ny fanamby goavana miandry antsika, dia ny famerenena ireo nosy ireo eo ambany fiandrianan'i Madagasikara.

Andriamatoa Filoha,

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Amin'ny ankapobeny dia azo lazaina fa tsapan'ny mpizaika rehetra ny maha-zava-dehibe ny asa natao teto tao anatin'ny fifanajana sy firaisam-po no nanatanterahina ny dinika rehetra ary dia manolotra fisaorana eram-po eran-tsaina an'ireo mpandray anjara rehetra ny tenako tamin'ny fahendrena nasehonareo ka nahatongavana soa aman-tsara amin'izao fotoana famaranana an'izao dinika izao. Ny firenena iray manontolo tokoa, tsy nanavahana na iza na iza no niara-nisalahy sy niara-nientana koa nampiseho teo imason'izao tontolo izao, ny fitiavan-tanindrazana sy ny firaisan-kina ary indrindra ny fahasahiana sy ny fijoroana ho fitakiana ny rariny sy izay heverina fa zony sy anjaran'ny vahoaka Malagasy.

Andriamatoa Filoha,

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Araka ny hita sy tsapa dia nahitam-bokatra nahavelom-bolo ary mahakasika ny sehatra maro ny fifanakalozan-kevitra notanterahina teto nandritra izay telo andro izay. Ampahatsiahivina fa niisa efatra ny atrikasa notanterahina ka niompana indrindra tamin'ny fifandraisan'ireo nosy ireo amin'ireto lohahevitra ireto: ny fiveloman'ny Malagasy, ny taranaka mifandimby, ny fandriampahalemana ary ny fiandrianam-pirenena.



Raha haravona ireo hevi-devibe tamin'ity fihaonana ity dia nivoitra ny fitakiana ny hamerenena ny fiandrianam-pirenena Malagasy amin'ny vondron'ny nosy Sambatra, ny nosy Kely, ny nosy Bedimaky ary ny nosy Ampela. Mahatsapa ihany koa ny rehetra fa izany fitakiana izany dia mila fandraisana andraikitra avy amin'ny Malagasy tsy vaky volo sy isan'ambaratongany. Voalohany amin'izany ny serasera sy ny fanentanana, hampahafantarana bebe kokoa ny mpiray tanindrazana ireo nosy ireo.

Isan'ny soson-kevitra natolotry ny mpizaika ihany koa ny fampidirana ireo nosy ireo ao amin'ny Lalàmpanorenena, ao amin'ny fandaharam-pampianarana, ao amin'ny saritanin'i Madagasikara sy ny fampiasana izany amin'ny filazana ny toetry ny andro.

Eo amin'ny sehatra ara-diplomatika, dia mihevitra ny mpizaika fa tokony ho dinihina sy faritana indray ny fifandraisana sy ny fomba fiaraha-miasa amin'ny firenena hafa sy ny fikambanana iraisam-pirenena sasany ka himasoana ny tombotsoa ambonin'ny tanindrazana, tanin-janaka.

Homena laharam-pahamehana araka izany ireo mpiara-miombon'antoka manaja ny fiandrianam-pirenentsika.

Ao amin'ny sehatra diplomatika izay ihany, dia natsidika ny tokony hitondrana izao dinika izao eo anivon'ny sehatra iraisam-pirenena. Manankarena i Madagasikara eo amin'ny tontolo iainana ka mila paikady hitandroana ny zava-boahary amin'ireo nosy ireo, mba hahafahana miantoka ny ho avin'ny taranaka mifandimby. Hohavaozina sy hamafisina amin'ny alalan'ny lalàna mifehy ny fitrandrahana ny harena voajanahary mba ho lovain-jafy. Tokony hanana tahirin-kevitra feno mampahafantatra ireo nosy Malagasy ireo isika, ohatra amin'izany ny fanaovana tombana ara-toekarena mahakasika ireo nosy ireo.

Eo amin'ny lafiny fiandrianam-pirenena kosa dia fanokanana petra-bola hikarakarana ny tany sy ny nosy ary fampitaovana ny tafika, no isan'ny sosokevitra natolotra.



Andriamatoa Filohan'ny Repoblika,

Tompokolahy sy tompokovavy,

Ireo no famintinana tsotsotra, ary amin'ny ankapobeny, ny sokajin-kevitra nivoitra teto amin'izao fihaonana izao, saingy marihina ihany koa fa maro ireo olon-tsotra na fikambanana eto an-toerana na avy any ivelany nandray anjara amin'izao dinika izao, tamin'ny alalan'ny fampitàny ny antontan-kevitra izay nananany tamin'ny kaomity siantifika ary mbola raisina an-tanan-droa izay mbola maniry ny hanao izany.

Eto am-pamaranana dia manolotra ny fankasitrahana sy ny fisaorana amin'ireo mpandray anjara rehetra ny tenako ary mirary antsika Malagasy mpiray tanindrazana rehetra, tarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, mba hikapa hahita ny tonony sy handidy hahita ny vaniny amin'izao ezaka iombonana izao.

Ka izao, dia voninahitra lehibe ho ahy amin'ny anaran'ny mpandray anjara sy ny mpizaika rehetra ny manolotra anao am-panajana, Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, ny vokatry ny asa niarahana teto amin'ny fikaonan-doham-pirenena "Dinika Nosy Malagasy : Ampitao ny hevitrao".

Misaotra tompokolahy, mankasitraka tompokovavy.

